ANTANANARIVO BORIBORINTANY FAHA-EFATRA

4




X



# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 21 mey 2019 | Laharana 912 | Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Jehovah, Madagasikara 18 may 2019, hafatra manokana laharana 41 5

**Ravalo, Kandidà TIM.K25** 2

# Tena ahatanteraka ny teny nifanomezana



**Radio Fahazavana, 9 taona lasa izay** 3

# Herisetra tsotra izao no nataon'ny fitondrana Rajoelina



**SERASERA SY KOLONTSAINA** 7

## Mpiasa torana teo ampiandrasana fananganan-tsaina



**Mpamonjy voina (CUA)** 6

## Tranga haintrano 2 no nisy ny faran'ny herinandro teo, 1 no maty tamin'izany

**Distrikan'Isandra** 6

## Tsy mitondra vaha olana ireo miaramila natao hiady amin'ny dahalo

**Daka kely**

Tetik'asan'olona foana ve no japianareo ry Boaikely a !

**Telma Coupe de Madagascar** 6

## Fosa Junior sy ny CNAPS Sports no hiatrika ny famaranana



KANDIDÀ TIM.K25

# Tena ahatanteraka ny teny nifanomezana hoy Ravalo

Herinandro mialoha ny fifidianana depiote hatao eto amintsika ny 27 mey ho avy izao, misy ny hafatra avy amin'i Dada na ny Filoha Marc Ravalomanana: "tsy hikely soroka mihitsy aho amin'ny fikarohana ny soa iombonana ho an'ny vahoaka sy ny fanasoavana ity tanindrazana mamintsika ity. Dingana hafa indray taorian'ny fifidianana filohampirenena ny fifidianana solombavabahoaka. Nitsidika tany Tsiroanomandidy, Mahavelona, Mahasolo ary Ankadinondry Sakay, faritra Bongolava ny tenako nanamafy ny fanohanako ireo kandida izay nomeko ny tsodrano. Ireo no fidio fa nahazo ny tsodrano avy aty amiko ary azoko antoka fa tena ahatanteraka ny teny nifanomezana", hoy izy. Nitsidika ny faritra Vakinankaratra ihany koa ny filoha Marc Ravalomanana tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity, tany Ihazolava, distrikan'Ambatolampy izy, tany Faratsiho faritra Vakinankaratra koa. Ombieny ombieny dia nanamafisiny hatrany fa kandidà voasedra, manana traikefa, nahazo fiofanana ireo kandidà TIM.K25 miisa 109 manerana an'i Madagasikara, ka tsy handraraka ilo mby an-doha rehefa tonga eny Tsimbazaza, koa fidio hoy izy ny lisitra TIM.K25 manerana an'i Madagasikara.



*Isambilo*

Radio Fahazavana, 9 taona lasa izay

# Herisetra tsotra izao no nataon'ny fitondrana Rajoelina

Ny tantara tsy fanadino indrindra raha ny zavanisy teto amin'ny firenena, ary indrindra ihany koa ao anatin'ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety. Feno 9 taona katroka izao, 20 Mey 2010 – 20 Mey 2019, no nanakatonana ny onjampeon'ny fiangonana FJKM, ny Radio Fahazavana. Ary tsy ny Radio ihany no nakaton'ny fitondran'ireo mpandrombaka fahefana taminkery, notarihan'i Andry Rajoelina tamin'izany fotoana izany, fa nosamborina ihany koa ireo mpanao gazety 8 mianadahy tao aminy, niaraka tamin'ireo mpiambina (sécurité) mirahalahy. Herisetra tsotra izao no nataon'ny fitondrana tetezamita io onjampeon'ny fiangonana io ary nanehoany indrindra ny tena maha izy azy dia ny fanapotehana izay rehetra tsy mitovy hevitra aminy, na nanohintohina azy. Ny asany no nataon'ireo mpanao gazety tamin'io andro io, kanefa tsy namakiana loha fa noketrehina mafy izay hanakatonana azy sy hanafaizana ireo mpanao gazety milaza ny marina teto amin'ity firenena ity. Fanonganampanjakana no nataondRajoelina sy ny forongony ny taona 2009 niaraka tamin'ny fanohanan'ny miaramila. Tsy nivakiana loha izay tsy niombon-kevitra taminy tamin'izany, ary nohenjehina mihitsy aza izy ireny tamin'izany. Maro no nitondra faisana ireo izay nanohana ny filoha voafidim-bahoaka naongany. Nohitsakitsahin'ny mpanongam-panjakana ny demôkrasia mba nisy kely teto amin' ny firenena. Porofo iray amin' izany, ny tsy fahalalahana miteny sy maneho hevitra izay fototra iray amin'ny demôkrasia. Ny fanaratsiana tamin' ny fomba rehetra azo natao sy ny fanenjehana ny filoha Marc Ravalomanana tamin'izany nampiteny ny moana. Izany toe-javatra izany no tsy maintsy nambara fa tsy rariny sy tsy hitsiny ary tsy nekena. Tsy mety tamin'ny fitondran'ny mpanongam-panjakana tamin'izany anefa izany fahasahiana lalina izany izay nanambarana ho ren-tany ren-danitra ny zava-nisy teto amin'ny firenena. Toe-tsaina mankahala sy manapotika mpiray tanindrazana no novoizina mafy tamin' ireny fotoana ireny tao anatin'ireo mpanohana azy, izay tsy afaka hanana fijery lavitra intsony. Tsy nosainin'ireo mpitarika azy izay hilentehan'ny firenena sy hahamontsamontsana ny tontolom-piainan'ny vahoaka Malagasy. Niaraha-nahita tsara izany voka-dratsin'ny fanonganam-panjakana 2009 izany taty amin'ny fiakaran'ny fitondrana Rajaonarimampianina, izay nilaza ho rem-bahoaka fa firenena potika no noraisiny.

Fanapotehana ny asa fanaovan-gazety sy ny mpanao gazety no nataon-dRajoelina sy ny ekipany tamin'iny andron'ny 20 Mey 2010 iny. Misy minia mikimpy ireo olona tompon'andraikitra tamin'izany ary ninia ho jamba mihitsy aza. Naharitra 8 andro no nihazonana ireo mpanao gazetin'ny Radio Fahazavana, ka Ny 28 Mey vao niakatra Fitsarana teny Anosy ary ny harivan'iny ihany dia nampidirana am-ponja teny Antanimora ireo 10 mianadahy. Nohitsakitsahina ny lalàna satria 48 ora ihany no tokony hitazonana olona eny amin' ny BC Anosy. Ireo mpanao gazety ireo anefa notazonina 8 andro be izao. Tsy niraika tamin' izany Rajoelina teo amin' ny fitondrana sy ireo rehetra mpanohana azy rehetra… Lava ny tantara raha iverenana, fa 9 taona aty aoriana, tsaroana ny zava-nisy. Ny fitondrana Rajaonarimampianina no nahafahana nanokatra ny onjam-peo indray, fa tsy tamin'ny andron-dRajoelina akory. Nazava rahateo ny teny nambara tamin'ny andron'ny tetezamita fa tsy hisokatra izany mihitsy io raha mbola izy ireo no eo amin'ny fitondrana. Tsy maintsy ampahafantarina izany fa tantaram-pirenena, ary izany no marina satria misy hatrany amin' ireo sokajin'olona mpanasohaso fitondrana mpanamboamboatra ny tantara misy eto amin'ity firenena ity. Azo ambara ho mahery fo ireo mpanao gazetin'ny Radio Fahazavana nogadrain'ny mpanongam-panjakana satria tsy nanaiky ny hanafinafina ny marina toy ny hafa izy ireo.

***Sôh'son***



*Ireo mpiasan'ny Radio Fahazavana voasambotra ny 20 mai 2009.*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Herinandro farany amin'ny fampielezan-kevitra

Herinandro farany amin'ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana depiote eto amintsika ity herinandro ity. Efa samy nanao ny ezaka nandresy lahatra ny mpifidy ireo kandidà miisa 810 manerana ny Nosy hatramin'ny 6 mey lasa teo ka hatramin'izao ary mbola samy hanatevina ny propagandiny izay, ireo kandidà hatramin'ny sabotsy 25 mey ho avy izao amin'ny misasakalina. Amin'ny alatsinainy heriny omaly, ny 27 mey 2019 tokoa no hanavao ireo mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena vaovao ireo mpifidy manerana an'i Madagasikara miisa 10 302 194. Anisan'ny ifantohan'izao fifidianana solombavambahoaka eto amintsika izao ny hanana depiote mendrika, iaraha-mahalala fa depiote miisa 79 no voasaringotra amin'ny resaka kolikoly tamin'ny Antenimierampirenena teo aloha ary voalaza fa efa eny amin'ny CPAC, na ny Chaîne Pénale Anti-Corruption izany raharaha izany. Ho hita eon y tohiny momba ity raharaha ity, fa ny vondrona miara-dia amin'ny filoha Marc Ravalomanana, ny TIM.K25 dia vonona ny hanova izay tsy fahamendrehana nisy teny Tsimbazaza teo aloha izay, ka kandidà depiote vonona sy vanona miisa 109 no atolony mifaninana amin'ity fifidianana indray mitoraka ity, efa voasedra sy nahazo fiofanana izy ireo, ka vonona ny handresy avokoa amin'ny 27 mey ho avy io.

***Isambilo***

Fifidianana depiote

# Misy fitanilana hatrany am-boalohany

Nanitrikitrika ny teo anivon'ny CENI fa tsy voasoratra ao anatin'ny lalàm-pifidianana ny atao hoe Kandidam-panjakana, fa na kandida atolotry ny antoko politika na vondrona politika, na fikambanana, na mahaleo tena irery ihany no voasoratra sy manankery. Marina tsy azo lavina izany fa eny an-kianja dia ny mifanohitra amin'izay. Ireo kandida avy amin'ny IRD dia manambara ampabibemaso, indrindra any amin'ny faritra lavitra any, fa kandida nahazo tsodrano avy amin'ny filoha Rajoelina izy ireo, izay filohampanjakana ihany koa. Mety hisy hilaza angamba fa mba manao izay koa ireo kandida mpifanandrina aminy. Aoka hazava, fa ny filoha Marc Ravalomanana anie ka tsy olom-panjakana e! olon-tsotra tahaka ny Malagasy rehetra ny tenany ary tsy voafehin'ny lalàna ny fanononana ny anarany. Izany hoe, ampiasain'izy (kandidam-panjaka) ireo amin' izay mahamety azy izany ny anaran'ny filoham-pirenen'ny Malagasy, mba hahalany azy ankehitriny satria tsy mahatoky tena, na matahotra ny tsy ho lany, ka ny anaran-dray no entina mangata-bady, hoy ilay fitenenana iray izay. Mbola ampiany aza fa izay tsy miaraka sy tsy eken'ny fanjakana dia tsy handroso velively. Izay tsy miaraka aminy izany ve dia hatao anjorom-bala. Izay fomba fiady sy tetika misy ambadika izay no manahirana amin'ity fifidianana solombavambahoaka ity. Manery ankolaka ny safidin'ny vahoaka mpifidy. Ny HCC sy ny CENI aza moa manome malalaka amin'ny fampiasana ny vovonana IRD: na Isika miaraka amin'i Andry Rajoelina amin'ny fanaovana fampielezan-kevitra, koa tsy atao mahagaga raha mahazo vahana mampiasa ny anaran'ny filoham-pirenena amin'izay tiany atao ireo kandida miara-dia aminy. Na inona na inona filazan'ny CENI sy ireo antoko miara-dia amin'ny filoham-pirenena dia ny ao antsain'ny olona dia kandidam-panjakana ny IRD. Misy fitanilana avy hatrany ity fifidianana misy ity raha izay no zohiana.

***Rajaonarimpanontsana***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Miotisoa R.**

Ny Valosoa sy hadihady

## Tsy zava-baovao akory ilay Fihariana Mora

Naneho fampisehoana hafa indray ny filoham-pirenena Andry Rajoelina tamin'ny namoahana ofisialy ilay fandraharahana ho an'ny tanora antsoina hoe : « Fihariana ». Nitolagaga avokoa ny mpitazana fa tena mahay ity filoham-pirenentsika ity, mijery akaiky ireo mpandraharaha tanora madinika sy salantsalany, ka tolorana tolotanana fanampiana ara-bola iray tapitrisa ariary no mihoatra, 200 miliara ariary no voalaza fa ho zaraina ho an'izay manana hevitra hanorina orin'asa. Nampidirina ho fandaharan'asam-panjakana mihitsy moa ilay tetik'asan'ny filoha. Tsy misy maharatsy izay fa ny olana dia eo amin'ny fifantenana ireo tanora 20 tafakatra hisitraka ilay fanampiana ara-bola. Io mantsy no manahirana eto amintsika, rehefa resa-bola dia mifandrombaka miditra ao avokoa ireo mpanao bizina, ka ny hameno ny paosiny ihany no tanjony. Mpandraharaha tanora mahafeno fepetra manao ahoana no tena hahazo izany ? Ireo any amin'ny faritra lavitra andriana sy ny any ambanivohitra maro an'isa mantsy tsy mahafantatra velively ny tena votoatin'izy io fa toy ny mahazatra, mitazam-potsiny na dia mangetaheta fanampiana ara-bola aza. Misy tokoa ny fiaraha-miasa amin'ny banky BNI sy ireo sampan-draharaha miandraikitra ilay sehatr'asa Fihariana, fa hangarahara tokoa ary ve ny fitantanana ao anatin'izany? Efa leon'ny fanaovana tantely afa-drakotra ny volam-panjakana mantsy ny vahoaka, ka tsy te hahita fampanantenana paokaty intsony. Ireo mpanao afera sy ireo mpisehatra indray no hatavy amin'ity resaka ity ka lasa Fihariana Mora ilay tetik'asa. Ireo mpitondra nifandimby teto koa dia nitsinjo ny tanora na dia tsy nomena anarana manokana tahaka ny Fihariana aza, fa tsy hoe zava-baovao io rehefa atao Tam-Tam tahaka ny amin'izao fotoana. Izay ny amin'iny fa tsaroana eto ny tenin'Itompokolahy Manandafy Rakotonirina manao hoe : « Raha misy Marc Ravalomanana isaky ny faritra eto amintsika dia lasa lavitra ny firenena ». Nindramin'ny filoha ankehitriny moa izay, ka raha tsorina dia Soa fianatra e! Efa zatra ny maka tahaka moa ity fitondrana ity, fa ilay Vina sy velirano ary ny IEM tsy miainga mihitsy. Fanohizan-draharaham-pitantanana ny fanjakana, na ny Continuité de l'Etat no misy hatramin'izao, ankoatra ny zavatra madinidinika. Izany hoe izay tetik'asa « Moramora rehetra », ao anatin'izany ity Fihariana Mora ity. Far aha ny fanantanterahana ilay IEM dia resaka manidina, fampandriana adrisa fotsiny hatramin'izao.

***Rajaonarimpanontsana***

**Ramboasalama Emilien TIM.K25 N°04 Boriboritany faha-4**

## Efa nanaovany fianianana ny fanompoana tanindrazana ho an'ny vahoaka

Nifamotoana tamin'ireo vahoaka marobe teo tamin'ny kianja Madera-Namontana ny faran'ny herinandro teo, ny kandidà Ramboasalama Emilien TIM.K25 ao amin'ny boriboritany faha 4 N°4, izay hany kandida nahazo tsodrano tamin'ny filoha Marc Ravalomanana. Amin'ny maha olon'ny fiarahamonina an'i Rambô ao amin'ny boriboritany faha 4 dia tsy niandry ho tonga eo amin'ny toerana maha solombavambahoaka izy vao hanao asa soa sy ho mpisolotena ny vahoaka, fa izao izy dia efa mijoro ho ala olan'ny vahoaka hatrany. Ny fanompoan-tanindrazana no efa nanaovany



fianianana tamin'ny vahoaka sy ho an'ny tanindrazana amin'ny nahamanamboninahitra ambony azy nandritra ny 35 taona mahery hoy izy, ka tsy avelako ho very momoka izany. Maro ireo foto-drafitrasa no efa tranainy raha ny ao amin'ny boriboritany faha 4 misy antsika hoy Ramboasalama Emilien N°4, ka ilaina fanavaozana, toy ny fahazoana rano fisotro madio, ny lalankely, sy ny maro hafa,... Efa vita tamin'ny andron'ny filoha Marc Ravalomanana avokoa izy ireny, nefa tsy nisy mpijery sy mpikarakara. Tsy hitazam-potsiny ireny isika hoy ny kandida Ramboasalama Emilien, fa hanarina ary hanorina na dia tsy mbola eo amin'ny toerana aza. Hatao ny tolo-dalàna eny amin'ny Antemieram-pirenena hoy izy, fa tsy maintsy hatao ihany koa ny foto-drafitrasa hanasoavana sy hanalana ny olan'ny vahoaka. Tokana ny safidy hoy ireo mponina teny Madera Namontana, Ramboasalama Emilien ihany no ho fidiana amin'ny 27 mey ho avy izao, laharana faha-4 amin'ny biletà tokana.

***Helisoa***

Toliara TIM.K25

## Nafana ny rodoben'ny mpanangana miaraka amin'ny kandidà Me Elisoa

Nafana ny fampielezankevitry ny kandidàn'ny vondrona TIM.K25 any Toliara ny faran'ny herinandro teo. Rodoben'ny mpanangana, filaharambe na carnaval niarahana tamin'ny kandida Me Elisoa Rasoanirina laharana 01 no anisan'ny natao tamin'izany. Nisongadina nandritra izany fa resy lahatra amin'ny kandidà N°01 Maitre Elisoa, Tim.K25 ny vahoaka mpifidin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana. Manana ny maha-izy azy ity kandidà natolotry ny filoha Marc Ravalomanana sy ny TIM.K25 ity satria mpahay lalàna rahateo izy izao mirotsaka hofidiana izao, ka tena ho mpanao lalàna tokoa hiaro ny tombontsoan'ny vahoakan'i Toliara, sy ny vahoaka Malagasy mihitsy, amin'ny haha-solombavambahoakan'i Madagasikara azy. Ankoatra izany dia mbola hitohy amin'ity herinandro ity ny fampielezan-kevitra ataony sy ireo mpiara-dia aminy, izay hifantoka amin'ny fijerena ifotony ireo vahoaka rehetra amin'ireo fokontany ao Toliara.

***Isambilo***







*Ny kandià Me Elisoa sy ny karanavaly lehibe tao Toliara ny faran'ny herinandro teo.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Mampandany ny mariônety ny filohan'ny MAPAR

**Tambanivohitra Johan Leboy :** may ny endimboanjo ka nilatsaka antsehatra nampandany ny Marionetiny ny filohan'ny Mapar Andry Rajoelina.

**Bakoliarisoa Andriamiseza :** efa zatra madainga sy tsy manara-dalàna izao fitondrana Rajoelina izao, mbola tarazon'ny fanonganampanjakana nataony avokoa izany. Aiza ny ceni sy ny HCC amin'izany tsy fanarahan-dalàna izany?? Mihoa-pefy ny ankamaron'ireo kandidàm-panjakana: avy amin'ny IRD/TGV/MAPAR.

**Miantsa Antema :** difotra ireo kandidàn'ny IRD/TGV/MAPAR dia manao propagandy ankolaka manampy azy ireo ny filohan'ny mpanongam-panjakana Andry Rajoelina.

**Jenny Rakotozafy :** efa flagrant mihitsy ilay tsy fanarafan-dalàna fa mbola i motus et bouche cousue ihany ny eny @ Ceni sy Hcc. Ataovy sérieux ilay raha fa tsssss! Tokony hisy ny disqualification na fanintsanana kandidà amin'ity indray mitoraka ity!

**Tovohery Ratsimba :** tsy misy arbitre notendreny ekipa izany ka hanasazy azy e!vava be fotsiny ny an'ny CENI sy HCC, fa efa hita be izao!izany ve ny hanao lalàna nefa ny eo aza tsy hankatoavina! Olona hanao lalàna nefa izao sahady dia efa mandika lalàna ny kandidà miara-dia amin'ny Filoha Rajoelina, efa zatra ny gaboraraka sy ny tsy fanarahan-dalàna hatramin'ny tetezamita ry mpanongam-panjakana sy ny forongony.

**Germain Ravelojaona :** na hangalatra sy handika lalàna eo aza izy ireo amin'ity indray mitoraka ity, tsy hisy hanaiky ny fanondinkodinana ny safidim-bahoaka intsony amin'ity fifidianana depute ity. Azy ireo ny aller fa an'ny TIM.K25 ny retour amin'io fifidianana ny 27 mey ho avy izao io.

TONONKALO

## Eto Madagasikara

Eto Madagasikara dia taranja tsy hanadinana
Ny taranja anankiray antsoina hoe FAHAMARINANA.
Atahoran`ny mpitondra ka naleony dia nofoanana,
Sao hamingampingana azy raha vao misy fifidianana.

Eto Madagasikara, arangaranga ny lalàna,
Saingy moa manaja ireny ireo mpitondra fanjakana ?
Mody amboariny, ovàny raha manohintohina azy.
(Ny mpitondra eto amintsika, oviana moa no mba voasazy ?)

Eto Madagasikara, (zava-misy k`aza fady)
Ireo akama tsy mahomby no ampiakarina girady,
Fa `reo "manana traikefa", sy heverina ho "havanana",
Dia voailikili-dava sy voatosi-bohon-tanana !

Eto Madagasikara, arangaranga ny fitiavana.
Tsy fitiavana ny hafa fa "fitiavana hitavana",
Ka ny lehibe indrindra dia ny hitavana harena,
Hampibontsina ny kibo sy hahamandina ny tena !

***SEDERA RAVALISON (20-05-19)***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Arindra R**

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny kandida N°4, Ramboasalama Emilien, nitafa tamin'ny mponina teny Madera Namontana ny sabotsy teo.









FIAINAM-PIRENENA

## Misy ireo kandidà solombavambahoaka mpanara-drenirano

Mpitondra maro no nifandimby nitantana an'i Madagasika, na voafidim-bahoaka io, na olom-pajakana nandrombaka fitondrana tamin'ny tsy ara-dalàna. Ny zava-misy dia solombavambahoaka miaradia amin'ny fitondrana mijoro eo foana no maro an'isa teny amin'ny Lapan'ny Antenimieram-pirenena Tsimbazaza, nandritra izay fotoana izay. Inona no nitranga, depiote mpanara-drenirano sy mpanaraka baikon'ny filoha hatrany no misy ary tsy misy atao raha tsy manangan-tanana hampandany ny lalàna atolotra azy. Izany angaha no nanakaraman'ny vahoaka azy ireo ? Tsy misy fijerena izay lalàna tena mahakasika ny hetahetam-bahoaka entina ampandrosoana ny faritra nahavoafidy azy intsony, fa ny tombontsoan'antoko sy ny tenany hatrany no fantany. Nanjaka ny kolikoly ary hitampoko hitam-pirenena ireny ny Malety nahabe resaka teto. Tavela teo ilay vahoaka nametraka fitokisana taminy izay niandrandra fampandrosoana ho an'ny faritra misy azy. Nitondra fampandrosoana isamparitra tokoa àry ve izay tranga teo aloha izay? Mety hisy hilaza fa ilaina ny fananana solombavambahoaka maro an'isa eny Tsimbazaza fa ny tena marina dia ny hanamafisana ny toerana sy ny seza no tanjona. Amin'izay fotoana izay, afaka hitondra amin'izay hitondrana ity firenena ity tsy misy mpanelingelina. Ny tsy azo lavina anefa dia ilaina ny fifandanjan-kery ao amin'io andrim-panjakana io, izay sady mpanao lalàna no mpanara-maso ny asan'ny fanjakana, mba tsy hisian'ny gaboraraka tahaka ny niainan'ny Malagasy hatramin' izay. Arofanina ihany koa izany ny solombavambahoaka izany, mba tsy hisian'ny tsimatimanota koa raha toa ka misy lalàna heverina fa tsy hahasoa dia mba misy depiote mijoro , manitsy izany. Lapan'ny demokrasia koa io lapam-panjakana io . Fahadisoan-kevitra ny ilazana fa raha tsy manana maro an'isa ao ny fitondrana dia ho voaongana. Izany fiheverana izany no nahazatra ny mpanongana, ka atahorany sao hihàtra aminy. Hihàtra aminy tokoa izay raha izao no mitohy satria fitondrana be resaka sy mampanofy fotsiny ny fitondrana Andry Rajoelina, fa tsy misy zavatra mivaingana ho an'ny valala tsy mandady harona hatreto. Izao no tena idirana ho depiote raha tena mijoro hampandroso ny firenena ny solombavambahoaka.

*Rajaonarimpanontsana*

## Sakafo Ny Valosoa



Romazava hena sy anandrano sy anamalaho indray no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Raha tsy misy hena dia azo soloina ovy izany. Laroina sakay kely ho an'izay tia izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny fisorohana ny mikentrona amin'ny tarehy

Ny fisorohana ny mikentrona amin'ny hodi-tava indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Satria rehefa mitombo ny taona dia mikentrona ny hodi-tava. Zavatra atao: alaivo ny tapotsin' atody dia hosory amin'ny tarehy mandritra ny 20 min eo. Rehefa heno mihenjana be dia sasao amin'ny rano matimaty ary fafao amin'ny lamba malefaka. Hosory menaka kely manify, ho hitanao fa ho mandina sy tsara ny hodi-tava.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Ambalavao any amin'ny faritra Matsiatra Ambony

Ny tanànan'Ambalavao any amin'ny faritra Matsiatra Ambony indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, somary avo toerana ihany izy satria 1025 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. 56 km atsimon'I Fianarantsoa no misy azy amin'ny lalampirenena faha-7 (RN7) iny. Mampiavaka ireo trano ao amin'ity tanàna ity ireo misy lavarangana samihafa. Manakaiky ity tanàna ity no misy ny tendrombohitra Andringitra, 2876 m ny haavony, tendrombohitra faha-2 avo indrindra eto Madagasikara. Tsy dia mafana Ambalavao satria 20°C eo ny salan'ny mari-pana any. Betsileo no mponina any Ambalavao, na izany aza hita ao avokoa ireo foko rehetra misy eto amin'ny Nosy. Tsenan'omby faha-2 lehibe eto Madagasikara Ambalavao, ao aorian'i Tsitoanomandidy. Ahafantarana azy koa ny lamba landy, ny zava-pisotro divay, ny taratasy Antemoro. Mpamoka-bary ihany koa ny any an-toerana.



# Jehovah, Madagasikara 18 may 2019, hafatra manokana laharana 41

**Fanambarako Jehovah Mpanjaka tamin'ny alalan'ny mpaminany ho ren-tany ren-danitra fa tsy maintsy tanteraka fa antomotra ny zavatra rehetra.**

***Ohabolana 15: 10*** *"Famaizana mafy no hihatra amin'izay mivily lalana. Eny izay mankahala anatra dia ho faty".*

Maika tahaka AHY koa hianareo rankizy! tiako hianareo hahalala zavatra satria betsaka ny zavatra miafina. Ahoana ny fomba hanarenana izao tontolo izao? iza no hifandahatra Amiko, sahy hiteny hoe izao no tokony hatao sy mety? dia valiako tsotra manao hoe diso izany. **IZAHO DIA IZAHO, DIA IZAHO IRERY IHANY ARAKA NY NAMORONAKO NY TANY NO HAMONJEKO IZAO TONTOLO IZAO.** Noho izany, henoy tsara izay lazaiko fa izao no Teniko taminareo nanao hoe **raha haiko ny nanao ny tany tamin'ny indray mipi-maso dia haiko ny mamerina izany ao anatin'ny indray mipi-maso.** Ho ringana ny ratsy fanahy, ***Ohabolana 13: 23***", ary hasehoko kosa ny tsara fanahy na ireo atao hoe manompo AHY na ireo atao hoe manaraka an'i Jesosy sy ireo tia Fahamarinana sy miaina amin'ny Fahamasinana rehetra. Izao no fotoana fanavahana, arakaraky ny fahatanterahana sy fahatongavan'izany fotoana lehibe izany no isisihan'i losifera manatanteraka ny programany. Programany? Mamono, mandringana, mandrava, toa tahaka ny mety, toa tahaka ny marina fa miafara amin'ny fahafatesana ry zanak'olombelona ô! Inona ary izany? Mianara ao Amiko, ekeo izay nolazaiko, Tsy misy mahalala raha tsy Izaho no mampiharihary eo aminareo.

Ry mponin'ny tany ô! aza mety ho fitahina hianareo fa raha izao zava- misy sy mitranga ambany masoandro izao dia fitaka sy sandoka avy amin'I losifera. **Takona JESOSY satria ny mpivavaka ihany koa, ny mpitory rehetra koa, ary indrindra izay manana ny Teny Fikasana dia mivadika, mamadika, manova, indrindra maneho sy mampiseho olombelona toa azy.** Mbola diso koa izany. **TSY HO ZAKANAREO OLOMBELONA NA OVIANA NA OVIANA IZAY MIANDRY ANAREO, VOASORATRA AO AMIN'NY BAIBOLY IZANY RAHA TSY TONGA FARAN'IZAY HAINGANA NY FAMONJEKO.** Ny Famonjeko dia amin'ny alalan'ny hery, Fahefana sy Voninahitra. Ireo no anehoako fa Izaho no IZY ary hametraka ny fanjakako AHO sy ny Mpanjaka ho an'izany tany sy ny mponina eo aminy izany. Toa saro-pantarina raha ohatra ka sainina sy dinihana fa izao no ataovinareo olombelona an-tsaina: **tahaka ny teny hoe foana tsy misy n'inon'inona dia nanjary nisy** sy **tahaka ny teny manao hoe averiko amin'ny laoniny ny zavadrehetra** dia IZAHO JEHOVAH MPANJAKA irery ihany no mahay izany. Izany no hataoko, haveriko, fa hianareo mihainoa ry vazan-tany efatra dia **AOKA IZAY, AOKA IZAY, TENA AOKA IZAY NY FIFANARATSIANA, NY FIFANONDROTONDROANA, NY FIFANALAM-BARAKA, NY ADY NA ARA-KEVITRA NA ARA-PAHAIZANA, NA ARA-PITENENANA NA ARA-POLITIKA** fa **IZAHO JEHOVAH KOA MANANA NY POLITIKAKO.** Ho sarotra aminareo ny miaina amin'izany kanefa tsy maintsy ho tonga izany na tianareo olombelona na tsy tianareo. Fa raha hianareo miteny hoe :

aty dia IZAHO kosa miteny hoe ary.

avia dia IZAHO kosa miteny hoe aza mankaty.

eto isika, dia IZAHO miteny aminareo hoe tsy azonareo atao ny mitoetra eo.

matoria, dia IZAHO kosa miteny aminareo hoe mifohaza.

aza mihinana dia IZAHO miteny hoe mihinana.

mifadia dia IZAHO kosa miteny hoe mifalia.

indrisy dia IZAHO kosa miteny hoe endrey izany izy.

maty isika dia hoy Aho kosa aminareo hoe velona hianareo ary velona mandrakizay.

**MINOA, AZA MIAHIAHY, AZA MATAHOTRA FA RAHA EKENAREO NY FITONDRAKO FA TSY NY FITONDRANA IZAY MAHAVERY ANAREO DIA HO TANTERAKA AMINAREO IRENY TENY IRENY, FIAINANA, FIFALIANA, FIADANANA, FANDRESENA ARY FAHAMARINANA SY FAHAMASINANA.** Izany no tokony ho tarigetranareo amin'izao fiainana izao: FAHAMARINANA sy FAHAMASINANA. Fa raha vao hafahafa ny tarigetranareo dia hafahafa ny fisehoam-piainana eo aminareo.

Ry mpihaino, ry mpamaky, ry manana ny fanantenana, **OVAO, OVAO MIHITSY NY FIAINANAREO, NY FITENINAREO, NY FIJERINAREO, NY FOMBANAREO** dia ho takatrareo izay lazaiko sy izay ambarako aminareo. Izao tontolo izao ve? Mampalahelo, aza manao lalàna hamitaka anareo, aza mamoaka fifehezana hamono anareo, ary aza manao fitsipika sy didy hamatorana anareo fa vao maika tsy hahalalanareo ny Fahamarinana izany. Aoka izay avy Amiko no ho lalànareo, hifehy anareo, handidy anareo ary ho arahinareo ,***Ohabolana 14: 12,*** fa izany no nahaela velona ireo rehetra izay manaraka Ahy JEHOVAH MPANJAKA sy manompo an'I Jesosy. Izao no fotoana ananganana ny Fanjakako, haiko , hataoko ary hapetrako izany. Tsy misy hahotohitra izany Fanjakana hatsangako izany fa ny fanjakan'ny tany harodako; tantaran'ny Nebokadnezara ***Daniela 4: 28-29***, tantaran'I Davida ***II Samoela 5: 9-15***, Jereo ny fahatanterahan'ny Fanjakako ao amin'ny Testamenta Vaovao. **HO TOVIKO SY HO TANTERAHIKO IZANY AMIN'NY FOMBAKO SY NY TENIKO, NY HERIKO ARY NY FAHEFAKO TSY MISY ANAREO OLOMBELONA IZANY.** Apetraho ny anareo, ekeo izay avy Amiko. Izaho Jehovah Mpanjaka no miteny, mampanoratra sy milaza izany fa tonga ny fotoana izay voalazan'ny Baiboly fa aza mijanona hatreo amin'izay fantatrareo fa mba raiso sy inoy ary ekeo koa izay lazaiko amin'izao vanin'andro izao satria ho sarotra ny fahitanareo ny Fanjakan'ny Lanitra raha tsy manaiky izay lazaiko hianareo, ***Matio 19: 23-24.*** kely tahaka ny voan-tsinapy fa azo tadiavina, sy katsahina ary itoerana tsara, ***Matio 13: 31-32***. Sambatra ny olona mandeha tsy mba misy tsiny ***Salamo 1: 1***. Fa ny ratsy fanahy kosa dia tsy mba hahita ny tavako, ***Ohabolana 13: 9***. Sambatra ny Firenena manana AHY JEHOVAH ho Andriamaniny, ataovy lohany amin'izany ny firenenao. Indro hanao Asa Lehibe ambany masoandro Aho, ka ny fiafaran'ny asa hataoko dia fahatongavan'ny Fanjakako. Fa raha izao zavamisy ambany masoandro sy ny firenena maro izao dia efa mitaky sahady ny fiafaran'izao tontolo izao kanefa tsy izany no Tanjoko fa hamonjy anareo aloha mba ho maro ny hiaina ao amin'Ilay Fanjakako sy ho tafakatra aty an-danitra Izay no tanjona ry firenena rehetra ambany masoandro. Katsaho isan'andro Aho, ny Teniko ary ny hanompoanao an'I JESOSY fa IZY no hapetrako ho Mpanjaka ambany masoandro. ***I Petera 3: 12.***

Amen

Mbola hitohy.

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

***Matio 24:37***

*Fa tahaka ny andron'i Noa, dia ho tahaka izany koa ny fihavian'ny Zanak'olona.*

FIVONDRONAMBEN'NY EVEKA ETO MADAGASIKARA

# Ho tonga hamafy fanantenana ny Papa François

***MISY NY HAFATRA SY FANENTANANA NATAON'NY FIVONDRONAMBEN'NY EVEKA ETO MADAGASIKARA, MOMBA NY FAMANGIAN'NY PAPA FRANÇOIS ETO MADAGASIKARA, NY 6 SEPTAMBRA HO AVY IZAO.***

"Hataoko ao anatinareo ny Fanahiko.... Honina eo amin'ny tany nomeko ny razanareo ianareo, dia ho vahoakako ianareo, ary izaho ho Andriamanitrareo" (Ez 36, 27-28), hoy ny fanambarana.
Homba antsika mianakavy anie ny fiadanana! Misaotra an'Andriamanitra isika fa tanteraka ny faniriantsika sy ny an'ny Papa François, hamangy an'i Madagasikara ny 6 -10 septambra 2019, ho avy izao. Fitia mifamaly mahatsara fihavanana. Famangiana pastoraly miavaka izany amin'ny maha filohan'ny Eglizy katolika maneran-tany azy : hamafy fanantenana sy fiadanana ho antsika eto Madagasikara. Manatanteraka ny fanamby apetrany ho an'izao tontolo izao izy : mandeha manatona ny vahoaka (sortie). Mankahery ny mahantra sy mizara ny hafalian'ny Evanjely. Koa manentana antsika rehetra àry hivavaka sy hahay handray ireo toromarika rehetra, indrindra fa ireo izay omen'ny vaomieran'ny fandalinam-pinoana sy ny katesizy, ho fanomanana ara-panahy ity fahatongavan'ny Papa François ity.

### Hamafy fanantenana sy fiadanana

Hararaotintsika izao fahasoavana omen'Andriamanitra antsika izao hanarenantsika miaraka ireto lesoka ireto : na mameno trano fiangonana aza ny kristianina dia tsapa fa tsy mbola mafy orina ny finoana ka mihena ny fandraisana sakramenta. Tsy tafita ny fandalinam-pinoana. Ny fiaraha-monina mikorontana, samy mitady ny ho azy, ny fiainana lafo vidy, ny kolikoly lasa fomba amam-panao, ny fitsarana lasa gaboraraka, tafahoatra ny vono olona etsy sy eroa; tsy mbola mandry fahalemana ny tany na dia eo aza ny ezaka lehibe iarahan'ny mpitandro filaminana sy ny vahoaka. Misara-bazana ny fianakaviana. Ireo tanora tsy mahita modely tsara hotahafina ka mora voasariky ny rendrarendra samihafa, mivarilavo amin'ny zava-mahadomelina, tsy manaja ny soatoavina, tsy mahafola-tena hilofo hiasa, ka « mitady tany malemy hanorenam-pangady ». Lasa toa fahazarana ny manao fampanantenana poak'aty sy ny fanaovana politika mampisara-bazana ny mpiray tanindrazana indraindray, ary ny fomba fiasa koa matetika toa tsy ahatsapana ny tena fitiavan-tanindrazana marina… fahazaran-dratsy manangona ny ho an'ny tena no hita fa tsy mitsinjo ny soa iombonana. Mibaribary ny fahasimban'ny soatoavina sy ny hasina maha-olona ary indrindra ny "Tranobe iombonana" eto Madagasikara. Ho tonga hamafy fanantenana ny Papa Ray Masina : handray sokajin'olona maro samihafa Izy : Filoham-pirenena sy mpitondra fanjakana, fiaraha-monim-pirenena sy ny masoivoho vahiny, Eveka, Pretra, Relijiozy, Seminarista, Skolastika sy Novisy… Filoham-piangonana ao amin'ny FFKM sy mpitondra fivavahana ary ireo tsara sitra-po rehetra. Hankahery ireo tanoran'i Madagasikara izy sy ireo fianakaviana eny amin'ny Akamasoa (Père Pedro). Fa indrindra, hankalaza Sorona Masina lehibe hiombonan'ny Malagasy rehetra eny Soamandrakizay - Androhibe. Ho tonga hamafy fiadanana ny Papa Ray Masina : amin'ny maha Papa François AZY : mpiandry ondry mahatoky izy, mamangy firenena maneran-tany; tsy mitsaha-manoratra sy mampianatra mba hampitombo finoana ny olona sy hampirindra ny fiainan'ny Eglizy. Araka ny voalazan'i Jesoa hoe : « Ho aminareo anie ny FIADANANA » (Jn 20,19). Ho antsika eto Madagasikara : hamafy fiadanana izy amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fampianarany, izay inoana fa hampiombona antsika Malagasy rehetra, na katolika, na tsy katolika, na mpino na tsy mpino, na ambanivohitra na an-tanandehibe… Hanamafy orina ny fihavanana izy, ka hamporisika antsika hifandray tànana mba ho afaka handrava ny elanelana misy amin'ny fari-piainana andavanandro. Ary haneho amintsika rehetra koa fa ny EGLIZY dia « Fahazavan' izao Tontolo izao» ao amin'i KRISTY izay MAMONDRONA NY SOATOAVINA REHETRA. (Ef 1, 10). "Manentana anareo aho hampijoro firaisan-kina, tsy misy fitiavan-tena, ary hiverina amin'ny fiharian-karena sy ny fitantanam-bola miompana amin'ny fitsipi-piainana ara-môraly mitandro ny hasina maha olona.", hoy ny Papa François. (Hafalian'ny Evanjely n°58). Entintsika am-bavaka ary ny Papa Fransoa mba ho salama lalandava, ka ho tonga soa aman-tsara eto anivontsika. Ankinintsika amin'i Masina Maria sy ireo Olomasina ary ireo Olontsambatra rehetra niaina teto Madagasikara ity famangiana miavaka ity. Mitso-drano anareo rehetra, hoy ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara, tarihan'ny filohany: Son Eminence le Cardinal TSARAHAZANA Désiré.

***Nangonin'Isambilo***



MPAMONJY VOINA (CUA)

# Tranga haintrano 2 no nisy ny faran'ny herinandro teo, 1 no maty tamin'izany

Trangana haintrano roa no nitranga teto Antananarivo ny faran'ny herinandro teo dia tesy Ambalavao Isotry namoizana ain'olona iray, rangahy 50 taona no maty noho ny fahasemporana, ary ny faharoa tetsy Analamahitsy, tsy nisy kosa ny aina nafoy. Ny hafainganan' ny olona niantso ny mpamonjy voina no nahafahana namehy ny afo. Ny fifampikasohana tarobia mitondra herinaratra no antony nahatonga ny firehetana (court circuit) raha ny nambaran'ny sampan mpamonjy voina. Ny lehiben'ny Sampana mpamonjy voinan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), komandà Ramanohara Francky dia manentana hatrany ny rehetra hitandrina amin'ny fampiasana ireny tarobia fitarihana herinaratra ireny, mba ho tarobia matanjaka manaraka ny fenitra sy ny filan'ny isan-tokantrano no ampiasaina. Ankoatra ny asany andavanandro, miasa sy mihàtrana ihany koa ny Sampana mpamonjy voina eto amin'ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA) ato ho ato amin'ny fifidianana solombavambahoaka, ny fetin'ny Pentekôsta ary ny fiatrehana ny fetim-pirenena, izany dia araka ny toromariky ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana, izay mametraka ho laharam-pahamehana ny fiarovana ny vahoak'Antananarivo sy ny fananany.



Ny lehiben'ny sampana mpamonjy voinan'ny CUA.

**Serge**

Telma Coupe de Madagascar

# Fosa Junior sy ny CNAPS Sports no hiatrika ny famaranana

Ny Fosa Junior avy any amin'ny faritra Boeny sy ny Cnaps Sports Itasy, no hiatrika ny lalao famaranana ny 2 jona ho avy izao, amin'ny fiadiana ny amboaran'i Madagasikara amin'ny isan-tarika, antsoina hoe Telma Coupe de Madagascar eo amin'ny taranjam-panatanjahantena baolina kitra. Teo amin'ny lalao manasa-dalana ny faran' ny herinandro teo, tetsy Mahamasina: ny Fosa Junior Boeny nandresy ny ekipan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, ny Uscafoot Analamanga tamin'ny isa 4 no ho 1. Nisaraka ady sahala 1 sy 1 ny roa tonta teo amin'ny fotoana aradalàna 90 minitra, teo amin'ny fanalavam-potoana no nahatafiditra ny isa 3 fanampiny ny Fosa Junior Boeny. Tany Mahajanga, ny CNAPS Sports Itasy nandresy ny AJESAIA Bongolava tamin'ny fandakana ny tir au but 4 no ho 3, nisaraka ady sahala O sy O ny andaniny sy ny ankilany teo fotoana ara-dalàna sy ny fanalavampotoana.

**Lita**



Ny ekipan'ny Fosa Junior sy ny Cnaps Sports.

Dokam-barotra NY VALOSOA VAOVAO Tel. 034 79 076 00

SARIITATRA : Tena tsy mora ohatry ny vary izy ity, azy marina ny retour





Boriboritany voalohany (CUA)

# Manamafy ny fanadiovana ireo lakandrano madinidinika

Hamafisina sy tohizina hatrany ny fanadiovana ireo lakandrano madinika eny anivon'ireo faritra iva eto an-dRenivohitra. Raha ny andron'ny omaly dia fokontany 5 ao anivon'ny Boriboritany Voalohany no nanatanterahan'ireo mpanadio tanàna ny asa dia ny Fokontany Antohomadinika Afovoany, III- G Hangar, Andavamamba Anjezika I-II sy Andohotapenaka I ary mbola hitohy anio izany. Raha araka ny hita teny amin'ireo toerana nodiovina dia tazana hatrany fa mbola manary ny fakony sy ny malotony any anaty lakandrano ireo mponina eny amin'ireo faritra iva, ka izay indrindra no anton'izao hetsika manerana ny Boriboritany enina izao, mba hanentanana sy hanairana ny sain'ireo mponina mba hanaja ny fahadiovana satria loza mitatao ho azy ireo izao rehefa tonga indray ny fahavaratra, hoy ny nambaran'ny tompon'andraikitra iray avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany, Maminiaina Rakotonirina. Efa misy ihany koa hoy izy ireo izay efa voaentana amin'ny alalan'ny fanaovana ireny fanentanana sy hetsika fanadiovana ireny, ka tonga dia mandray ny andraikitra avy hatrany rehefa misy maloto ny manodidina azy, saingy mbola eo ihany ireo mbola tsy mahatsapa tena ary ho azy ireo mihitsy no tena hanaovana izao hetsika izao. Ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia miezaka hatrany ny manampy ireo mponina amin'ny hetsika fanadiovana ny tanàna satria Antananarivo dia soa iombonan'ny Malagasy ary Antananarivo madio no tanjona.

**Aly**



Ny fanadiovana lakandrano tao amin'ny Boriboritany I.

Distrikan'Isandra

# Tsy mitondra vaha olana ireo miaramila natao hiady amin'ny dahalo

Mbola manjaka ny tsy fandriampahalemana any amin'ny distrikan'Isandra, faritra Matsiatra Ambony, na dia efa nandefa andian-tafika any aza ny fitondram-panjakàna. Tsy mitondra vahaolona ho an'ny mponina izy ireo satria tsy misy paik'ady matotra aramiaramila natao iadiana amin'ny dahalo. Voalohany amin'izany ny fampandrenesana mialoha izay ahafahan'ny dahalo miafina. Ny tao anatin'ny faritra Ivatolava kaominina Ambanivohitra Isorana izao dia isan'ny toerana namaharan'ny dahalo anjatony tao, nefa tsy nisy azo sambobelona na dia iray aza. Manampy trotraka izany, misy fokontany maromaro misy ireo dahalo no nodoran'ny miaramila, manana vady aman-janaka anefa ireny, koa aiza ny fijerena ny zo maha olona ireo zaza amambehivavy, hoy ireo olobe any an-toerana, tsy misy zavatra hafa tokony hatao hafa-tsy ny fandorana ny tanàna ve? Ankoatra izay amin'ny lafiny politika, ho avy izao ny fidiianana solombavambahoaka, tsy mila olona tsy manana hazon-damosina sy mialokaloka amin'ny filoha Andry Rajoelina ny mponina any Isandra hoy ny ray amandreny eo an-tanàna. Mahamenatra hoy izy ireo, fa tsy misy lalàna azo atao ve ? mba olona manana ny maha izy azy amin'ny antokony na amin'ny tenany manokana no tokony hilatsaka ho fidiana hisolovava ny vahoaka !



**Helisoa**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny Filoha Ravalomanana tany Bongolava sy Antanifotsy omaly.









Ny kandida Fetra sy Bodo, ao Boriborintany faha-3, nandritra ny lalao ara-panatanjahantena rugby sy foot, teny amin'ny Kianjan'Alarobia.







